



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

TAHIRIM-BOLA FAMPANDROSOANA IFOTONY

OKTOBRA 2015

FANATSARANA NY FAMPIDIRAM-BOLA IFOTONY



Miara-miasa ho Antoky
ny IOe-karena Ifotony
**Programme
MATOY**

Financé par


Schweizerische Eidgenossenschaft
Confédération suisse
Confederazione Svizzera
Confederaziun svizra
Direction du développement
et de la coopération DDC


Mise en oeuvre par

HELVETAS | MADAGASCAR



ATM Anantsoina
Fond de Développement Local





FIZAHAN-TAKELAKA

1 FAMPIDIRANA

1.1. Tanjon'ny tari-dalana	9
1.2. Ny fomba fampiasana azy	9
1.3. Ny votoatiny	9

2 NY ANTONY HANATSARANA NY FAMPIDIRAM-BOLA SY NY TOMBOTSOA AZO AMIN'IZANY

2.1. Ny tombotsoa amin'ny fanànana fidiram-bola matanjaka sy maharitra	
2.1.1 Ny antony hanatsarana ny fampidiram-bola	13
2.1.2. Ny fepetra mampahomby ny fampidiram-bola anatiny	13
2.1.3. Ireo loharanom-bolan'ny Kaominina voafaritry ny lalàna	15

3 IREO DINGANA ARAHINA

3.1. Dingana 1 : Fanomanana	19
3.1.1. Fanomanana ataon'ireo tompon'andraikitrty ny fampidiram-bola	19
3.1.2. Fiaraha-midiniky ny birao mpanatanteraka	20
3.1.3 Fivorian'ny birao mpanatanteraka miaraka amin'ny filankevitra	21
3.2. Dingana2 : Famolavolana ny paikady hanatsarana ny fampidiram-bola anatiny	22
3.2.1. Atrikasa kaominaly	22
3.2.2. Fandrafetana ny paikady	23
3.2.3. Fankatoavana ny paikady	24

3.3. Dingana faha 3 : Fanantaterahana ny paikady sy fanjohina.....25

 3.3.1. Fanatanterahana paikady25

 3.3.2. Fanjohina ny fanatanterahana ny paikady26

3.4. Dingana faha 4 : Fanombanana sy fanaovana tamberin'andraikitra ..27

 3.4.1. Fanombanana anatiny27

 3.4.2. Fanombanana ifotony28

 3.4.3. Fivoriana fanombanana iombonana.....29

 3.4.4. Fanaovana tamberin'andraikitra31

TOVANA

1. Takelaka milaza isaky ny sokajim- bola miditra.....33

2. Tabilao fanombanana miaraka ny zava-misy ankehitriny.....35

3. Modelin'ny draftrasa.....36

4. Fanamarinana fivoaham-bokatra37

5. Fanomezan-dàlana hitrandraka « carrière ».....38

**6. Tabilao fanjohina sy fanombanana ny fanatanterahana ny asa
fanatsarana voafaritra. Daty nanaovana ny fanjohina.....39**

**7. Tabilao fanjohina sy fanombanana ny vola miditra isan-tsokajiny
(tableau de bord fiscal)..... 40**

8. Tabilao fanaovana tomban'ezaka41

9. Taratasy fitakian-ketra (avis d'imposition).....42

**10. Tsiahy ny fanatsarana ireo loharanom-bola fototra iombonan'ny
Kaominina amin'ny ankapobeny43**

1

FAMPIDIRANA



FAMPIDIRANA

II TANJON'NY TARI-DÀLANA

Hanampiana ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny Kaominina mba hananany fahavononana sy fahalàlana amin'ny fanatsarana ny fampidiram-bola ao aminy.



1.2 NY FOMBA FAMPIASANA AZY

Misokajy toy izao ny fomba fampiasana ity tari-dàlana ity:

- ↳ Hanampiana ny Kaominina amin'ny fampiharana ireo dingana hanatsarana ny fampidiram-bola ;
- ↳ Mifameno amin'ireo torolàlana hafa efa misy momba ny fampidiran-ketra ka afahana mitondra fanazavana mba hamahana sakana na olana miseho mandritry ny fanatanterahana ny paikady.



1.3 NY VOTOATINY


Mizara roa mazava tsara ity tari-dàlana ity :

Ny tombotsoa amin'ny fananana ny fidiram-bola anatiny matanjaka sy maharitra eny anivon'ny Kaominina,


Ny antsimirihin'ireo dingana arahina amin'ny fanatsarana ny fampidiram-bola anatiny :

- ↳ ny asa na hetsika atao ;
- ↳ ny fitaovana ampiasana amin'izany ;
- ↳ ny vokatra andrasana ;
- ↳ ny fanamarihana manokana tsara ho fantatra.





2



NY ANTONY HANATSARANA
NY FAMPIDIRAM-BOLA SY
NY TOMBOTSOA AZO AVY
AMIN'IZANY

NY ANTONY HANATSARANA
NY FAMPIDIRAM-BOLA SY NY
TOMBOTSOA AZO AVY AMIN'IZANY

2.I NY TOMBOTSOA AMIN'NY FANANANA FIDIRAM-BOLA ANATINY MATANJAKA SY MAHARITRA


2.1.1. Ny antony hanatsarana ny fampidiram-bola

Ilaina ny ananan'ny Kaominina tsirairay loharonom-bola matanjaka ho :


- ↳ Fahombiazan'ny fampandehanan-draharaha ;
- ↳ Fanatsaràna 'ny servisy atolotry ny Kaominina ny mponina ;
- ↳ Famporisihana ny fandraisan'anjaran'ny mponina amin'ny fampandrosoana ny tanàna ;
- ↳ Fanetsehena loharonom-bola sy fiaraha-miombon'antoka hafa ;
- ↳ Fanamoràna ny fanatanterahana ny vinam-pampandrosoana sy ny tetibola mifanaraka amin'izany .



Fitondrana tsara tantana



Fitombon'ny vola miditra



Fanatanterahana fampandrosoana



Fahazotoana mandoa hetra



Faharesen-dahatra sy fahatokisana

2.1.2. Ny fepetra mampahomby ny fampidiram-bola anatiny

- ↳ **Ny fahavononana ara-politikan'ny mpitondra** hanatsara ny loharanom-bola anatiny sy handray an-tànana ny fantanterahana izany ;
- ↳ **Ny fahaiza-mandrindra ireo hetsika mba hifanaraka tsara amin'ny fomba fiainana sy ny toe-tsaina eo anivon'ny kaominina** : atao mifanandrify amin'ny vanim-potoana ananan'ny ankamaroan'ny mponina vola ny hetsika fanangonan-ketra ;
- ↳ **Ny fahaiza-manomana ny paikady** : ny fanadihadiana sy ny fanombanana feno sady tomombana no miantoka ny hatsaran'ny paikady ary miantoka ny fahazotoan'ny mponina hanefa ny retrany ;
- ↳ **Ny fahaiza-manentana ny mponina** sy fahaizana mampandray anjara ireo mpisehatra hatrany am-pamolavolana ka hatrany am-panatanterahana ;
- ↳ **Ny fahaizana manjohy sy manombana ny asa** : ny fanjohina matotra no afahana mamaha miaraka ny olana na sakana amin'ny fanatrarana ara-potoana ny tanjona.
- ↳ **Ny fampiharana ny mangarahara sy ny fanaovana tamberin'andraikitra** : miantoka ny fahatokisan'ny mpandoa hetra ka hampazoto azy hanohy hatrany ny fanefana ny adidiny

2.1.3. Ireo mpisehatra amin'ny fanatsarana ny fidiram-bola ifotony

- ↳ Ny birao mpanatanteraka ;
- ↳ Ny filankevitra kaominaly ;
- ↳ Sampan-draharaham-panjakana : ivontoeran'ny hetra, tahirim-bolam-panjakana, distrika, mpitandro filaminana, delegem-panjakana ;
- ↳ Faritra
- ↳ Olompirenena ;
- ↳ Fiarahamonim-pirenena ;
- ↳ Fokontany ;
- ↳ Sehatra tsy miankina ;
- ↳ sns...

2.1.3. Ireo loharanom-bolan'ny Kaominina voafaritry ny lalàna

2.1.3.1. Ireo loharanom-bola avy amin'ny hetra (recettes fiscales)

Karazany	Lalàna mifehy	Anjaran'ny Kaominina
Hetra tany sy hetra trano	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Hetra tambatra	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020,	50%
Hetra avy amin'ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	60%
Hetra momba ny fahazoan-dàlana hikarakara tombola sy loteria ;	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	-
Hetra momba ny fazahoan-dalana ny fampiasana « billards » sy mitovitovy aminy, ny fitaovana fandefasana horonan-tsary sy « baby-foot » itadiavam-bola ;	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Ny vola fandoa mikasika ny akoran'afô (hydrocarbures)	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI)	40%
Sara amin'ny fitantanana harena ankibon'ny tany	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020,	50%
Tamberim-bidy avy amin'ny harena an-kibon'ny tany	Fehezan-dàlana ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020,	60%
Haba avy amin'ny rano mineraly	lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba avy amin'ny fety lanonana sy fihetsiketsehena samihafa	lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana	100%
Haba amin'ny pylônes, relais, antenne	lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana	50%
Haba momba ny fivahinianana (hotel kintana 3 no midina)	Lalàna 2014-020 fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba alaina amin'ny dokam-barotra	Lalàna 2014-020 fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba alaina amin'ny rano sy ny herin'aratra	lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana	100%

2.1.3.2. ireo loharanom-bola tsy avy amin'ny hetra (recettes non fiscales)

Karazany	Lalàna mifehy	Anjaran'ny Kaominina
Haba avy amin'ny fanomezan-dàlana hanorina	Code de l'urbanisme, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba amin'ny lènonana nentipaharazana nahazoan-dàlana	lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba alaina amin'ny famonoambiby	lalàna 2014-020	100%
Sara mikasika ny fivezivezen'ny biby	lalàna 2014-020	100%
Tamberim-bidy mikasika ny fakananotany, fasika sy vato	Làlana 2014-020, fanapahn'ny filankevitry ny Faritra	50%
Tamberim-bidy alaina amin'ny vokatry ny fambolena, ny ala sy ny fiompiana	Lalàna 2014-020 fanapahan'ny filan-kevi-paritany	100%
Tamberim-bidy alaina amin'ny famoriana sy fanodinana fako sy rano maloto	Lalàna 2014-020	100%
Vola miditra avy amin'ny fananan'ny Kaominina toy ny tsena, tany, tranom-pokonolona na efitrano na kianja samihafa	Lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%

3



IREO DINGANA ARAHINA

IREO DINGANA ARAHINA


Fanomanana

Famolavolana ny paikady hanatsara ny fampidiram-bola anatiny

Fanatanterahana sy fanjohina ny paikady

Fanombanana sy fanaovana tamberin'andraikitra

3.I DINGANA 1 : FANOMANANA



3.1.1. Fanomanana ataon'ny tompon'andraikitry ny fampidiram-bola

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<p>Fikaonan-doha ataon'ny tompon'andraikitra rehetra misahana ny fampidiram-bola (STC, percepteurs, régisseurs, ...) eo anivon' ny Kaominina ho :</p> <ul style="list-style-type: none"> ↳ fanomanana ny favorian'ny mpanatanteraka sy ny filankevitra, ↳ fanomanana ny antontan-kevitra ahafahana mandalina ny zava-misy manodidina ny fampidiram-bola eo anivon'ny Kaominina. 	<p>Ny kaontimpitantanana sy ny tetibola nandritry ny taom-piasana telo nifandimby</p> <p>Fisy isaky ny sokajim-bola miditra</p>	<p>↳ Voaravona ny antontan-kevitry ny fidiram-bolan'ny kaominina rehetra</p>




TSARA HO FANTATRA

Miankina amin'ity dingana fanomanana ity ny mety ho fahatsaran'ny paikady, noho izany ilaina ny fiaraha-mientan'ny rehetra misahana ny fampidiram-bola eo anivon'ny Kaominina

3.1.2. Fiaraha-midiniky ny birao mpanatanteraka

Asa atao	Fitaovana ampasana	Vokatra andrasana
<ul style="list-style-type: none"> ↳ Fandalinan'ny birao mpanantateraka ireo karazam-bola miditra tsirairay miainga amin'ireo fisy efa nofenoina mialoha ; ↳ Fanomanana ny fiaraha-midiniky ny mpanatanteraka sy ny filankevitra, ary ny atrikasa kaominaly ; ↳ Fitana an-tsoratra ny fivoran'ny birao mpanantanteraka (tovana 2). 	<p>Ny kaontim-pitantanana mihoatra amin'ny tetibola nandrity ny taom-piasana telo nifandimby</p> <p>Ny fisy mirakitra ireo sokajim-bola miditra Lalàna mifehy ireo sokajina loharanom-bolan'ny Kaominina</p>	<p>Fantatra ny antsipirihiny mikasika ny sokajim-bola miditra</p> <p>Voafaritra izay mety ho mpandray anjara, ny daty sy toerana hanaovana ny atrikasa Kaominaly momba ny fampidiram-bola</p>



TSARA HO FANTATRA

Jerena ihany koa ireo sokajina loharanom-bola voafaritry ny lalàna nefá tsy mbola mihatra eo anivon'ny Kaominina

3.1.3. Fiaraha-midiniky ny birao mpanatanteraka sy ny filankevitra


Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<p>Fandalinana miaraka (diagnostic et analyse) ireo karazam-bola miditra tsirairay miainga amin'ireo fisy efa nofenoina mialoha</p> <p>Famantarana ireo sokajina fidiram-bola matanjaka eo amin'ny Kaominina</p> <p>Fifampizarana ny fomba fijery sy ny vina amin'ny fampidiram-bola</p> <p>Fankatoavana ny fanatanterahana ny atrikasa kaominaly ho fanatsarana ny fampidiram-bola</p> <p>Firaketana an-tsoratra ny fiaraha-midinika (tovana 3)</p>	<p>Ny kaontimpitantanana sy ny tetibola nandritry ny taom-piasana telo nifandimby</p> <p>Ny fisy isaky ny sokajim-bola miditra</p>	<p>Fantatra ny loharanom-bola matanjaka</p> <p>Voaomana ny atrikasa kaominaly ho fanatsarana ny fampidiram-bola</p> <p>Voafaritra ny lisitry ny mpandray anjara, ny daty sy toerana hanaovana ny atrikasa Kaominaly</p>



TSARA HO FANTATRA


Safidiana tsara ny olona heverina ho mahatarika sy mahasolo tena ireo mpandoa hetra indrindra amin'ny sokajina loharanom-bola matanjaka ho an'ny Kaominina handray anjara amin'hy atrikasa

3.2 DINGANA 2 : FAMOLAVOLANA NY PAIKADY HANATSARANANA NY FAMPIDIRAM-BOLA ANATINY



3.2.1. Atrikasa kaominaly:

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<ul style="list-style-type: none"> ↳ Fampafantarana ny besinimaro ny zava-misy vokatry ny asa fanomanana (diagnostic) Fandalinana sy fanombanana miaraka ny zava-misy : ↳ ny ezaka efa natao ↳ ny vokatra azo ↳ ny antony mahatonga izany ↳ ny olana na ny sakana misy amin'ny sokajina loharanom-bola, ny tombon-dahiny sy ny otrikarena mbola azo trandrahana <p>Fanolorana tolo-kevitra fanatsarana ny fampidiram-bola tsirairay avy</p> <p>Famaritana miaraka ny tanjona hotratrarina.</p> <p>Fananganana ny komitin'ny fampidiram-bola</p> <p>Firaketana an-tsoratra ny atrikasa</p>	<p>Tabilao fandalinana sy fanombanana ny zava-misy</p> <p>Fisy vola miditra</p>	<p>Fantatra ireo antony niteraka ny tsy fahombiazana</p> <p>Mazava ny sori-dàlana handrafetana ny paikady fanatsarana.</p>



TSARA HO FANTATRA

Tsara kokoa raha misy olona efa havanana ivelan'ny Kaominina manentana/ manamora ny atrikasa, azo atao fomba fiasa mandritry ny atrikasa ny fanaovana asam-baomiera isaka ny sokajina fidiram-bola manan-danja eo amin'ny kaominina

3.2.2. Fandrafetana ny paikady

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<p>Fandravonana ny tolo-kevitra fanatsarana, famadihana izany ho paikady ataon'ireo tompon'andraikitra sy ny komitin'ny fampidaram-bola</p> <p>Fifantohana amin'ireo loharanom-bola matanjaka</p> <p>Fandrafetana ny paikady</p> <p>Fandrafetana ny draftrasa ho entina manatantekana ny paikady</p>	<p>Tabilao mirakitra ny vokatry ny tombana</p> <p>Tabilao mirakitra ny draftrasa</p> <p>Torolàlana fanetsehena ny hetra tany sy hetra trano</p> <p>Torolàlana fanetsehena ny hetra tambatra</p> <p>Torolàlana fitantanana ny tsena kaominaly</p>	<p>Voarafitra ny paikady fanatsarana mirafitra toy izao :</p> <p>Ny tanjona sy ny vina</p> <p>Ny draftrasa fanatanterahana isaky ny sokajina fidiram-bola</p> <p>Ny fomba fanjohina ny fanatanterahana ny paikady</p>



TSARA HO FANTATRA

Ampiasaina ireo torolàlana efa misy hanatevenana ireo asa hotanterahina mahakasika manokana ny hetra tany sy trano ary ny hetra tambatra

3.2.3. fankatoavana ny paikady

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<p>Fankatoavana atao'ny Ben'ny tanàna</p> <p>Fanendrena ny mpikambana amin'ny komitin'ny fampidiram-bola amin'ny alàlan'ny didipitondrana</p> <p>Fankatoavan'ny filankevitra Kaominaly ny paikady sy ny tetibola ho enti-manatanteraka izany</p>	Paikady Tetibola	Vita fankatoavana ny paikady sy ny hanatanterahana izany Voatendry ny mpikambana ao amin'ny komitin'ny fampidiram-bola



TSARA HO FANTATRA


Atao peta-drindrina ny didy nanendrena ny komity ary ny draftrasa novolavolaina hanatanterahana ny paikady

3.3. DINGANA FAHA 3 : FANANTATERAHANA NY PAIKADY SY FANJOHINA



3.3.1. Fanatanterahana paikady

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fanatanterahana ny asa sy ny hetsika rehetra araka ny voasoritra ao anatin'ny draftrasa	Tabilao mirakitra ny draftrasa Torolàlana fanetsehena ny hetra tany sy hetra trano Tari-dàlana famorian-ketra Torolàlana fanetsehena ny hetra tambatra Torolàlana fitantanana ny tsena kaominaly	Mizotra tsara ny fanatanterahana ny hetsika sy asa voafaritra ao anatin'ny paikady




TSARA HO FANTATRA

Samy manana ny loharanom-bola matanjaka mampiavaka azy avy ny Kaominina ka tsy voatery hitovy ny paikady hanatsarana izany

3.3.2. Fanjohina ny fanatanterahana ny paikady


Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<p>Fijeren'ny komitin'ny fampidiram-bola ny sakana na olana eny an-dalam-panatanterahana</p> <p>Famaritana ny asa fanatsarana na fanitsiana tokony ho atao</p>	<p>Draftrasa</p> <p>Boky fanaraha-maso ny fidiram-bola ny kaomina</p> <p>Tabilao fanjohina sy fanombanana ny vola miditra isan-tsokajiny (tableau de bord fiscal, tovana 6)</p>	<p>Fantatra ny lesoka sy ny sakana tamin'ny fanatanterahana</p> <p>Fantatra ny fivoaran'ny fidiram-bola isan-tsokajiny</p> <p>Voafaritra ny asa fanatsarana na fanitsiana</p>



TSARA HO FANTATRA


Tsy voafetra ny fe-potoana hanaovana ny fanjohina fa miankina amin'ny fizotry ny asa voafaritra ao anaty paikady (mety ho isan-kerinandro na isam-bolana)

3.4. DINGANA FAHA 4 : FANOMBANANA SY FANAOVANA TAMBERIN'ANDRAIKITRA



3.4.1. Fanombanana anatiny

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<p>Fanombanana atao'ny mpanatanteraka sy ny filankevitra ary ny komitin'ny fampidiram-bola ny niatrehana ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bolan'ny Kaominina</p> <p>Firaketana an-tsoratra ny fanombanana (tovana 7,8)</p>	<p>Tabilao fanjohina ny fanatanterahana ny asa</p> <p>Tabilao fanjohina ny vola miditra isan-tsokajiny</p> <p>Tabilao fanombanana ny ezaka natao</p>	<p>Voahitsy ny lesoka tamin'ny famolavolana sy fantanterahana ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bola</p>



TSARA HO FANTATRA

Anaovana jeritodika avokoa ny dingana rehetra mba ahafahana manatsara ny fomba fiasa amin'ny paikady manaraka

3.4.2. Fanombanana ifotony

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<ul style="list-style-type: none"> ↳ Fanombanana ataon'ireo ankolafin-kery samihafa eny ifotony ny niatrehana ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bolan'ny Kaominina ↳ Firaketana an-tsoratra ny fanombanana ifotony (tovana 7,8) 	<p>Tatitry ny fanjohina ny fanatanterahana ny asa</p> <p>Tabilao fanjohina ny vola miditra isan-tsokajiny</p> <p>Tabilao fanombanana ny ezaka natao</p>	<p>Mahatsapa ho tompon'andraikitra amin'ny vokatra azo ny olompirenena</p> <p>Voahitsy ny lesoka tamin'ny paikady notanterahina</p>



TSARA HO FANTATRA

Ny olona ivelan'ny ekipa kaominaly no mandray anjara amin'ity tombana ity. Azo ampiarahina amin'ity fanombanana ifotony ity ny fanombanana ny fitantanana ny kaominina (jereo ny antsipirihiny any amin'ny tari-dàlana fampiharana ny tetibola ifarimbonana)

3.4.3. Fivoriana fanombanana iombonana

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
<p>Fanomanana sy fanaovana atrikasa kaominaly hanaovana tombana miaraka</p> <p>Fampihaonana ny vokatry ny fanombanana roa teo aloha</p> <p>Fanazavana ny tsy fitoviam-pijery</p> <p>Fanomezana tolo-kevitra fanatsarana ny fampidiram-bola</p>	<p>Tabilao mirakitra ny fanombanana isambondrona (anatin sy ifotony)</p> <p>Tabilao mirakitra ny vola miditra isan-tsokajiny</p> <p>Tabilao fandravonana ny fanombanana</p>	<p>Voafaritra ny ezaka tokony atao hanatsarana ny paikady fampidiram-bola</p>



TSARA HO FANTATRA

Azo atao tsara ny mampiaraka ny fanombanana ny fanatsarana ny fampidiram-bola sy ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana.


3.4.4. Fanaovana tamberin'andraikitra

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fanomanana sy fanaovana tatitra ho an'ny mponina	Tatitry ny fanombanana iombonana	Mitombo ny fifampitokisana eo amin'ny mpandray anjara rehetra
Fanaovana tatitra ho an'ny isan' ambaratonga (Distrika, mpiara-miombon'antoka samihafa, ...)	Tabilao mirakitra ny vola miditra	Miha tafidittra antsehatra amin'ny fitantanana ny kaominina ny mponina
Fanomanana ny taom-piasana manaraka	Fitaovan-tserasera mahomby	



TSARA HO FANTATRA

Misy lanjany lehibe eo amin'ny fanaovana tatitra eny ifotony ny fizarana ny traikefa mahomby ataon'ny mpisehatra nandray anjara tamin'ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bolan'ny kaominina. Mety amin'ny fotoana rehetra ny fanaovana tamberin'andraikitra



TOVANA

TOVANA



Tovana 1:

Takelaka milaza isaky ny sokajim- bola miditra

Oh : tamberim-bidy		DIDY AMAN-DALANA MIFEHY		MPANDOA VOLA	
Laharana ao amin'ny tetibola farany					
Laharana ao amin'ny kaontim-pitantanana (CA) farany					
CGI					
Lalàna 018/2014					
Actes communaux					
Dina					
Lalàna hafra					
Iza avy ?					
	Taona 1	Taona 2	Taona 3	Taona 4	
Ny tokony handoa					
Ny mpandoa vola voaisa					
Ny tena mandoa					
Taha ampiharina		Taona 2	Taona 3	Taona 4	

VOKATRA AZO				
	Taona 1	Taona 2	Taona 3	Taona 4
Voaangona (Ar) moyenne/mponina (Ar)				
Voaangona/vinavina tetibola				
Voaangona/totalin'ny vola miditra				
FANDAMINANA NY FAMPIDIRAM-BOLA				
Tompon'andraikitra voalohany Isan'ny mpiasa miandraikitra ny fampidiram-bola	Taona 1	Taona 2	Taona 3	Taona 4
Mpiasa na servisy tompon'andraikitra	Andraikitra			
Servisy hafa ivelan'ny Kaominina manana andraikitra amin'ny fampidiram-bola				

Tovana 2 :

Tabilao fanombanana miaraka ny zava-misy ankehitriny.

KARAZANA VOLA MIDITRA ANATINY	ZAVA-MISY ANKEHITRINY	TOMBANA	TOLO-KEVITRA FANATSARANA
Hetra tany sy trano			
Hetra tambatra			
Hetra amin'ny fahazoan-dàla-na hivarotra zava-pisotro misy alikaola			
Tamberim-bidy			
Soram-piankohonana			
Sara avy amin'ny fanamari-nan-tsonia			
Haban-tsena			
Hofan-trano (tsena, tranom-pokonolona, trano hafa,...)			
Sara fanomezan-dàlana			
Vinety (sarety, moto, bisikileta)			

ZAVA-MISY ANKEHITRINY :

(Ny vokatra azo ankehitriny : ny fivoarany nandritry ny telo taona farany, ny taha ampiharina, ny lamina fampidirana ny vola, ny ezaka efa natao, ny fanaraha-maso, ny fanombanana sy fanjohina atao...)

TOMBANA :

(Ny antony manazava ankapobeny ny zava-misy ankehitriny, iza avy ny tokony handoa io vola io ? iza no mpandoa ? ny tombony sy ny otrikarena, ny olana sy ny sakana)

Tovana 3 :

Modelin'ny drafitrasa.

KARAZANA VOLA MIDITRA ANATINY	Tanjona (vokatra andrasana)	Hetsika/ asa atao	Tompon' andraikitra	Fitaovana/ enti-ma- nana	Faharetany	
					Fiando- hany	Fiafar- any
Hetra tany sy hetra trano						
Hetra tambatra						
Hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra zava- pisotro misy alikaola						
Tamberim-bidy						
Soram-pianko- honana						
Sara avy amin'ny fanamarinan- tsonia						
Haban-tsena						
Hofan-trano (tsena, tranom- pokonolona, trano hafa,...)						
Sara fanomezan- dàlana						
Vinety (sarety, moto, bisikileta)						

Tovana 4 :**Fanamarinana fivoaham-bokatra**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITANY:

FARITRA:

DISTRIKA:

KAOMININA:

FANAMARINANA FAMOAHAM-BOKATRA

(Attestation de sortie des produits forestiers, locaux et d'élevage)

Ny Ben'ny Tanàna eto amin'ny Kaominina dia manamarina fa :

Andriamatoa/Ramatoa:

NIF:

STAT/

Fiara laharana:

Kitansy kaominaly laharana:

Dia hitondra ny vokatra voaangony teto any

KARAZANY	LANJANY/ISANY	FANAMARIHANA

Daty,

Sonian'ny Ben' ny Tanàna

Tovana 5 :

Fanomezan-dàlana hitrandraka « carrière »

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITANY:

FARITRA:

DISTRINKA:

KAOMININA:

FANAPAHANA laharana faha

Ny Ben'ny Tànàna

- Araka ny lalam-panorenana
- Araka ny lalàna faha 94-007 tamin'ny 26 avril 1995, mamaritra ny fahefana sy ny tandrifim-pahefana ary ny loharanom-bolan'ny vondrom-paritra
- Araka ny lalàna faha 94-008 mamaritra ny fandaminana sy ny fampandehanana ary ny andraikiry ny vondrom-paritra
- Araka ny fanapahana faha tamin'ny namoaka ny voka-pifidiana kaominaly izay natao ny
- Araka ny didim-panjakana
- Araka ny fanapahan-kevitra kaominaly laharana tamin'nymametra ny tamberim-bidy

DIA MANAPAKAFA :

Andininy 1: omena alàlana Andriamatoa/Ramatoa.....

Tompon'ny karapanondrom-pirenena laharana

monina ao.....hitrandraka ny carrière ao amin'ny ampanhan-tany an-dR.....ao.....Fokontany.....hamokatra vato malao gravillon sy ny sisa

Andininy 2: ny mpitrandraka dia tsy maintsy mandoa ny tamberim-bidy mifanaraka amin'ny vokatra

Andininy 3: manan-kery avy hatrany ity raha vao ampafantarana ny be sy maro ary mandritra ny herin-taona

Natao androany.....

Ny Ben'ny Tànàna

Dika mitovy :

- Alefa amin'ny Lehiben'ny Distrika
- Arsiva
- Peta-drindrina
- Sefo Fokontany
- Ny nomena alàlana

Tovana 6 :

Tabilao fanjohina sy fanombanana ny fanatanterahana ny asa fanatsarana voafaritra. Daty nanaovana ny fanjohina

KARAZANA VOLA MIDITRA ANATINY	Tanjona (vokatra an-drasana)	Vinavina	Tompon'andraikitra	Fahavitany	Sakana na olana	Fanatsarana
	Hetsika/ asa atao	Faharetany				
Hetra tany sy trano						
Hetra tambatra						
Hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra zavapisotro misy alikaola						
Tamberim-bidy						
Soram-piankohonana						
Sara avy amin'ny fanamarinan-tsonia						
Haban-tsena						
.....						

Tovana 7 :

Tabilao fanjohina sy fanombanana ny vola miditra isan-tsokajiny (tableau de bord fiscal)

Karazany	Tanjona taona (Ar)	Vokatra azo	Elanelana	Fanamarihana
	Voaangona teo aloha	Voaangona tamin'ity volana ity (recettes du mois)	Fitambarany	
Hetra tany sy hetra trano			(Cumul des recettes)	
Hetra tambatra				
Tamberim-bidy				
Hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra zawa- pisotro misy alikaola				
Hofan- trano				
Sara				
.....				

Tovana 8 :

Tabilao fanaovana tomban'ezaka

Tanjon'ny paikady	Tomban'ny Vokatra azo			Fanamarihana : fanazavana ny vokatra azo sy ny antony nahatonga azy, ny fanatsarana tokony hatao
	Tsara	Antoniny	Ratsy	
Tanjona ankapobeny				
Fampiharana ny Manga-rahara				
Fampandraisian' anjara ny olom-pirenena				
Fanatanterahana ny asa sy ny hetsika voafaritra				
Asa 1				
Asa 2				
Asa 3				
Asa 4				
.....				
Vokatra nandrasana isaky ny sokajim-bola miditra				
Vola miditra 1				
Vola miditra 2				
Vola miditra 3				
Vola miditra 4				
Vola miditra 5				
.....				

Tsara : tratra ny tanjona

Antoniny : tratra amin'ny ampahany

Ratsy : tsy tratra ny tanjona

Tovana 9 :

Taratasy fitakian-ketra (avis d'imposition)

LOHATENY KAOMININA	REPOBLIKAN'I MADAGASKARA Tarinhydrana-Fahafahana-Fandrokoana					
FILAZANA FANDOAVAN-KETRA						
<input checked="" type="checkbox"/> Hetran-tany (IFT) <input type="checkbox"/> Hetran-trano (IFPB)						
Anarana sy fanampiny : _____ Kara-pisanondro labarana : _____ Adirexy : _____						
Araky ny fanambatana natsion' Atao/Rtos (Anaran'ny olona natsio faniambarinia) sy ny fanatsana ireo singifototra misy eo an-pestantan'ny Sampandriharaha, dia férana toy izao manaraka zao ny hetran-tany (IFT) . Hetran-trano (IFPB) (?) alozano ho an'ny taona						
TOERANA MISY NY TAN/TRANO	NY MAMPIASA NY TANY / TRANO (T na H)	NY AMPIASANA AZY (I na H)	FOTOTRA AMERANA NY HETRA	TAHA/ SANDA	HETRA NY TAONA TEO ALOA	HETRA ALOA
FITAMBARAN'NY VOLA ALOA						
Emanana ity filazana fandoavan-ketra ity aman'ny tsohibatra : Iangaviana ary ianao mba bandao io vola volazao io eny aman'ny Benon'ny Kaominina, ao anatin'ny telo volana, NAMARINAN'NY IVON-KETRA Day, Ny BEN'NY TANANA.						
(b) Farito izay mikasika anao.						


Tovana 10 :

Tsiahy ny fanatsarana ireo loharanom-bola fototra iombonan'ny Kaominina amin'ny ankapobeny


Fanatsarana ny hetra tany sy trano



Fitantanana ny hetra tambatra



Fitantanana ny tamberim-bidy



Tovana 11 :

BOKY FANARAHA-MASO NY ASA FAMPIDIRAMBOLA
NY KAOMINA

BOKY FANARAHA-MASO NY ASA FAMPIDIRAMBOLA NY
KAOMINA

TAONA (Exercice) :

FARITANY (Province) :

FARITRA (Région) :

DISTRIKA (District) :

KAOMININA (Commune) :

KARAZANA (Catégorie) :

- CU
- CR 1
- CR 2

ANARAN'I BEN'NY TANANA (Nom du Maire) :

ANARAN'NY MPANAMORA (Nom du facilitateur) :

A. MOMBA NY KAOMININA

- HABEN'NY KAOMININA (Superficie de la Commune):
- ISAN'NY MPONINA (Nombre de la population):

TOTALINY (Total):	LAHY (Homme):	VAVY (Femme):
-------------------	---------------	---------------

- ISAN'NY MPIFIDY (Nombre des électeurs):

TOTALINY (Total):	LAHY (Homme):	VAVY (Femme):
-------------------	---------------	---------------

- LISITRY NY FOKONTANY (Liste des Fokontany)

FOKONTANY (Fokontany)	ISAN'NY OLONA (Nombre de la population)	ELANELANA MIALA AMIN'NY KAOMI- NINA (KM) (Distance par rapport au chef lieu de la Commune)	ANARAN'NY LEHI- BEN'I FOKONTANY (Nom du Chef Fokon- tany)
1-			
2-			
3-			
4-			
5-			
6-			
7-			
8-			
9-			
10-			
11-			
12-			
13-			
14-			
15-			
16-			
17-			
18-			
19-			
20-			

B. PROGRAMAN'ASA

N°	ASA HATAO	FE-POTOANA	TOMPON'ANDRAIKITRA	TOERANA	MPIARA MIOMBON'ANTOKA	FANAMARIHANA
B	HETRA IFOTONY (FISCALITE LO-CALLE)					
B1	DIAGNOSTIC DES RESSOURCES PROMOTEUSES					
B2	ELABORATION ET MISE EN ŒUVRE DES STRATEGIES DE RELANCE DE LA FISCALITE LOCALE					
B3	RECENSEMENT DES CONTRIBUABLES (IFT/IFPB, IS, produits,...)					
B4	EDITION ET HOMOLOGATION DES AVIS D'IMPOSITION					
B5	DISTRIBUTION DES AVIS D'IMPOSITION					
B6	RECOUVREMENT DES IMPOTS					
B7	EVALUATION DES STRATEGIES					

D/ FIOFANANA / TANTSOROKA (Formation et accompagnement)

E. FAMPIDIRAM-BOLA KAOMINALY

a. NY PAIKADY SY IREO ASA VITA

HETRA TANY (IFT)

Tanjona :.....Ar

HETRA TRANO (IFPB)

Tanjona :.....Ar

HETRA TAMBATRA (IS)

Tanjona :.....Ar

HABA (Taxes et Licences)

Tanjona :.....Ar

TAMBERI-BIDY (Redevance/ Ristourne)

Tanjona :.....Ar

HAFA

Tanjona :..... Ar

b. Vokatra azo (Résultats)

1/ Tahan'ny fidiran-ketra

2/ Komitin'ny hetra

Daty nitsanganany:

Ireo mambra:

D. FITSIDIHANA (Visites d'appui et de suivi au niveau de la commune)

